

Receive His Gift

By Elder Patrick Kearon
Of the Quorum of the Twelve Apostles

Raiso ny fanomezana atolony

Nataon'ny Loholona Patrick Kearon
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

April 2025 general conference

You are a beloved daughter of God, you are a cherished son of God, and He has gifted you His perfect, holy Son.

Zanakavavy malalan' Andriamanitra ianareo, zanakalahy lalain' Andriamanitra ianareo, ary nomeny anareo ny Zanany lahy tonga lafatra sy masina.

Gift Giving

Gift giving is a social custom that spans all cultures, civilisations, and millennia. Throughout time, people have given gifts to each other to strengthen relationships, express love and gratitude, and mark important events like weddings, birthdays, and holidays. And humans are not the only ones of God's creations to give gifts to each other! Among many other examples we could point to, penguins are known to give shiny pebbles to their prospective mates, and bonobos (cousins of the chimpanzee) give fruit to expand their circle of friendship.

What gifts have you given? Think of a time when you found—or made—the perfect gift for someone you love. You just knew the gift was exactly what this loved one wanted and something they would treasure. What was the gift? Was it for your mother? a friend? your child? a teacher? your grandfather? How did you feel when you found this gift? How did you feel when you thought about this person you love opening the gift? Similarly, when did someone give you the perfect gift, and what was it like to receive it?

Fanolorana fanomezana

Ny fanolorana fanomezana dia fomba fanaon'ny fiarahamonina manerana ny kolontsaina sy ny sivilizasiôna ary ny arivo taona rehetra. Tao anatin'ny fotoana rehetra dia nifanome fanomezana ny olona mba hanamafisana ny fihavanana, hanehoana fitiavana sy fankasitrahana, ary hanamarihana fotoan-dehibe toy ny fanambadiana, ny tsingerin-taona nahaterahana ary ireo fotoam-pankalazana samihafa. Ary tsy ny olombelona irery no zavaboarin' Andriamanitra mifanolotra fanomezana! Amin'ireo ohatra maro hafa azontsika resahina, ny pingouin dia malaza ho manolotra vatokely mamiratra an'ireo izay mety ho vadiny, ary ny bonobo (izay karazana rajako) dia manolotra voankazo mba hampitomboana ny vondron'ny namany.

Inona no fanomezana efa nomenao? Eritrere-to ny fotoana iray izay nahitanao, na nanamboaranao, ilay fanomezana tena sahaza ny olona iray tianao. Tena fantatrao tsotra izao fa io fanomezana io mihitsy no tian'io olona akaikin'ny fo io ho azo ary zavatra ho ankamamiany izany. Inona ilay fanomezana? Ho an'ny reninao ve ilay izy? Ho an'ny namana iray? Ho an'ny zanakao? Ho an'ny mpampianatra iray? Ho an'ny raibenao? Inona no tsapanao rehefa nahita io fanomezana io? Inona no tsapanao rehefa nieritreritra io olona akaikin'ny fonao io manokatra ilay fanomezana ianao? Mitovy amin'izany ihany, oviana no nisy

My Father's Gift to Me

When I was about seven years old, living with my parents in Arabia, a children's film called Chitty Chitty Bang Bang was released. The film is about a magical car that can drive itself, float on water, and even fly! I knew that back home in England they made a miniature toy car just like Chitty Chitty Bang Bang, and oh, how I wanted one! You could pull a lever, and the toy car's wings would pop out! My father went on a business trip to England and asked if I wanted him to bring anything back for me, and I told him how very much I would like to have one of those Chitty Chitty Bang Bang cars.

He came back from his trip, and no car appeared. I was very sad and thought he must have forgotten. But about 10 days later was my birthday, and a little package, beautifully wrapped, was waiting for me. With great anticipation, and hardly daring to hope too much, I opened the gift and found my car. I was so happy that I cried. I pulled the lever, and the wings popped out, just like the car in the film! How I thanked my father for this most treasured gift. I played with that car for years and kept it for many more. I think my dad loved giving me that car at least as much as I loved receiving it.

Giving, Accepting and Opening, and Receiving

We can think of gift giving as having three parts to it:

The giving of the gift, where the giver selects, makes, or prepares the gift and presents it to the loved one. This involves thoughtful intention on the part of the giver to give something meaning-

olona iray nanolotraanao ilay fanomezana sahaza, ary toy ny ahoana ny nandraisanao izany?

Ny fanomezana nomen'ny Raiko ahy

Teo amin'ny fahafito taonako teo, raha nia-ra-nipetraka tamin'ireo ray aman-dreniko tany Arabie aho, dia nivoaka ny horonan-tsary iray ho an'ny ankizy mitondra ny lohateny hoe Chitty Chitty Bang Bang. Momba ny fiara mahagaga iray izay afaka mandeha tsy misy mpitondra, sy afaka mitsingevana eny ambony rano, ary manidina ilay izy! Fantatro tamin'izany fa nisy nanamboatra fiara kely kilalao mitovy amin'i Chitty Chitty Bang Bang tany Angletera, izay tany niaviako, ary tena naniry mafy ny hahazo iray aho! Misy zavatra azonao sintonina izay dia mipoitra tampoka avy any ireo elatr'ilay fiara kilalao! Nandeha nanatanteraka asa tany Anglet-era ny raiko dia nanontany ahy raha toa ka misy zavatra tiako hoentiny ho ahy, dia nolazaiko azy fa tena iriako fatratra ny hahazo iray tamin'ireo fiara Chitty Chitty Bang Bang ireo.

Niverina avy any amin'ny dia nataony izy, kanefa tsy nisy fiara nipoitra. Nalahelo mafy aho ary nieritreritra hoe tsy maintsy hoe adinony izay ilay izy. Kanefa teo ho eo amin'ny 10 andro taorian'izay ny tsingerin-taona nahaterahako, ary nisy fonosan-javatra kely, nisy fonony tsara tarehy niandry ahy. Tamim-piandrasana fatratra, kanefa tsy dia sahy nanantena zavatra lehibe firy no nanokafako ilay fanomezana, dia hitako tao ilay fiarako. Faly loatra aho ka dia nitomany. Nosintoniko ilay fanaingana dia nipoitra tampoka avy any ireo elatra, tahaka ilay fiara ao amin'ilay horonan-tsary mihitsy! Tena velom-pankasitrahana ny raiko aho noho io fanomezana nolalaiko indrindra io. Nilalao io fiara io nandritra ny taona maro aho ary nitahiry izany tao anatin'ny taona maro fanampiny. Raha ny fahitako azy dia tahaka ny nitiavako nandray ilay fiara farafahakeliny no nitiavan'ny dadako nanome ahy ilay izy ihany koa.

Manome, manaiky, manokatra ary mandray

Azontsika eritreretina ho mizara ho ampahany anankitelo ny fanolorana fanomezana.

Ny fanoloranailay fanomezana, izay hisafidianan'ilay mpanome, na hanamboarany, na hanomanany ilay fanomezana ary manolotra izany amin'ilay olona tiana. Mifono fikasana sy

ful.

The accepting and opening of the gift, when the recipient accepts the gift from the giver—often with expressions of surprise, gratitude, and excitement—before opening it, sometimes untying a bow and unwrapping the package to discover what the gift is.

And then there is perhaps the most important part, the receiving of the gift. To receive a gift sincerely given is so much more than accepting and then opening it. It is more, even, than recognising the worth of the gift and expressing gratitude to the giver. To truly receive a gift, we come to value it for ourselves, put it to full use in our lives, and then remember with thankfulness the giver.

Receiving a gift is not passive but an intentional and meaningful process that goes far beyond merely opening a package. To receive is to appreciate and connect with both the gift and the heart of the giver in a way that strengthens the bonds between the giver and receiver. Thinking of that toy car brings back a host of golden memories, as I feel once again my father's deep love and care for me, represented by that gift and countless other generous acts.

Our Heavenly Father's Gifts

Our Heavenly Father has innumerable gifts of light and truth prepared to shower down on each of us, His treasured children. They flow from our Bounteous Giver like a wellspring in the wilderness from His benevolent heart. "Every good gift and every perfect gift is from above, and cometh down from the Father of lights." In our covenant bond with the Father, He is ever the Giver and we the humble recipient.

ny ezaka voahevitra tsara izany avy amin'ilay mpanome mba hanome zavatra manan-danja.

Ny fanekenasy ny fanokafanailay fanomezana, rehefa manaiky ilay fanomezana avy amin'ilay mpanome ilay mpandray; izay matetika arahana fanehoana hatairana, fanehoana fankasitrahana ary hafaliana; alohan'ny hanokafana ilay izy, misy famahana fatorana sy fanokafana ny fonosana indraindray mba hahafantarana hoe inona ilay fanomezana.

Ary aorian'izay angamba ilay ampahany manan-danja indrindra ao anatin'ilay izy, dia ny fandraisanailay fanomezana. Ny mandray fanomezana nomena tamin-kitsim-po dia mihoatra lavitra ny manaiky ary avy eo dia manokatra izany. Mbola mihoatra noho ny fanekena ny hasarobidin'ilay fanomezana sy ny fanehoana fankasitrahana an'ilay mpanome aza izany. Mba handraisana marina tokoa fanomezana iray, dia mametraka ny lanjan'izany ho antsika isika, mampiasa izany feno eo amin'ny fiainantsika, ary avy eo dia mahatsiaro amim-pankasitrahana ilay mpanome.

Tsy zavatra mandeha ho azy ny fandraisana fanomezana fa dingana atao avy amin'ny nahim-po sy manan-danja, izay mihoatra lavitra ny fanokafana fonosana iray fotsiny. Ny hoe mandray dia mankamamy sy mifandray amin'ilay fanomezana sy ny fon'ilay mpanome amin'ny fomba izay manamafy ny fifamatorana misy eo amin'ny mpanome sy ny mpandray. Mampitam-berina fahatsiarovana sarobidy maro ny fieritretana izany fiara kilalao izany, satria tsapako indray ny fitiavana lalina tsapany sy ny fiahian'ny raiko ahy, izay nasehon'ilay fanomezana sy ireo fihetsika feno fahalalahan-tanana hafa tsy voatanisa.

Ireo fanomezana avy amin'ny Raintsika any An-danitra

Ny Raintsika any An-danitra dia manana fanomezan'ny fahazavana sy fahamarinana tsy tambo isaina izay nomanina mba hatobaka eo amintsika tsirairay avy, zanany tena lalainy. Mito-saka avy amin'ilay Mpanome antsika Malala-tanana izy ireny, tahaka ny loharano miboiboika any an'efitra avy amin'ny fony feno fiantrana. "Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambony ka midina avy amin'ny Rain'ny fanazavana." Ao amin'ny fifamatorantsika ara-panekempihavanana amin'ny Ray dia Izy foana no Ilay Mpanome, ary isika no ilay

The Greatest of All the Father's Gifts, Through Which All Others Flow

But we could receive nothing without the greatest of all the Father's gifts, His beloved Lamb, His Son, Jesus Christ. All of our Father's gifts flow from and are activated by the Saviour's willing offering in Gethsemane and on the cross and His triumphant Resurrection. Jesus Christ, our merciful Redeemer, is the supreme gift from our Father of lights. "In the gift of his Son hath God prepared [for us] a more excellent way."

One All-Encompassing Gift of Eternal Truth

I would like to talk about one all-encompassing gift of eternal truth that underpins our ability to receive all else our Father desires to endow us with—a vital gift of knowledge that, when fully accepted and received deep in the soul, contextualises the joys and hardships of life and our unanswered questions: It is that we really are God's children. That truth is breathtaking! Stunning! And it is not figurative.

Imagine you are hearing this for the first time! You really are His cherished daughter. You really are His precious son. And the path you are on is His plan of happiness. With His omniscient love, He knows exactly who you were before you were sent to earth and what you have experienced so far in your mortal life, and He has mercifully planned for your every tomorrow. And oh, how He yearns to one day have you return to Him, to receive the supreme intent of all His beautiful gifts, eternal life with Him.

mpandray manetry tena.

Ny lehibe indrindra amin'ireo fano- mezan'ny Ray rehetra, ary avy amin'iza- ny no hitosahan'ireo hafa rehetra

Kanefa tsy afaka mahazo na inona na inona isika raha tsy misy ilay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan'ny Ray rehetra, dia i Jesoa Kristy izay Zanakondry sy Zanaka malalany. Ny fanomezana rehetra avy amin'ny Raintsika dia mitosaka sy afaka miasa, amin'ny alalan'ny fanoloran'ny Mpamonjy ny tenany an-tsitrapo tao Gethsemane, sy teo amin'ny hazofijaliana ary ny Fitsanganany tamin'ny maty tamim-pandre-sena. I Jesoa Kristy, ilay Mpanavotra antsika be indrafo, no fanomezana lehibe indrindra avy amin'ny Raintsika ilay tompon'ny fahazavana. "Tao amin'ny fanomezana ny Zanany no efa nomanin' Andriamanitra [ho antsika] ny lalana tena tsara indrindra."

Fanomezan'ny Fahamarinana man- drakizay izay mahafaoka ny zavatra rehetra

Te hiresaka momba ny fanomezan'ny fahamarinana mandrakizay mahafaoka ny zavatra rehetra aho, izay mampitombo ny fahaizantsika mandray ny zavatra hafa rehetra irian'ny Ray omena antsika—fanomezana tena manan-danja, izay rehefa ekena tanteraka sy raisina lalina ao anaty dia manazava ny sahan-kevitra ny fifaliana sy ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainana, ary ireo fanontaniansika tsy voavaly: dia ny hoetena zanak' Andriamanitra marina tokoa isika. Tsara ery izany fahamarinana izany! Mampitolagaga! Ary tsy sarin-teny izany.

Alaivo sary an-tsaina hoe sambany ianao no mahare izany! Tena zanakavaviny lalainy ianareo. Tena zanakalahiny sarobidy ianareo. Ary ny drafiny ho an'ny fahasambarana no lalana andehananareo. Fantany tsara amin'ny alalan'ny fitiavany izay mahalala ny zavatra rehetra hoe iza ianao talohan'ny nandefasana anao teto an-tany, sy ny hoe inona ny zavatra niainanao hatreto nandritra ny fiainanao teto an-tany, ary tamin'ny famindram-po no nanaovany drafitra ho an'ny ampitsonao tsirairay avy. Ary endrey izany faniriany fatratra ny mba hiverenanao any Aminy indray andro any, mba handray ireo antony mahatalanjona anomezana ireo fanomezana kanto rehetra avy Aminy dia ny fiainana mandrakizay miaraka

The question is not whether this gift of truth is real but whether we will discover and receive it. The gift has already been bestowed upon us by the Father. The price for the ultimate purpose of this gift has already been paid by the Saviour. But if you have been taught this, said this, and sung this truth for years, maybe the awesome wonder of it has long since faded and you no longer feel its power and peace.

If this priceless gift of understanding—and all the goodness, peace, and hope that flow from it—is left unaccepted, unopened, and unreceived, what a terrible loss for us! What a sadness for the Giver! “For what doth it profit a man if a gift is bestowed upon him, and he receive not the gift? Behold, he rejoices not in that which is given unto him, neither rejoices in him who is the giver of the gift.”

I invite you to receive, either for the first time or to a greater extent than ever before, the magnificent realisation that you truly are God’s beloved child. You must undo the bow, tear off the wrapping paper, open the box, and actively receive with grateful humility a true, pure understanding of this foundational truth. The Holy Spirit can bear witness to your heart that you are indeed a child of the Most High.

When you welcome this majestic reality into your very soul and feel both the comfort and the thrill of it, your entire paradigm shifts! You can feel His love, hear His voice, and recognise His hand, no matter what is happening, or not happening, in your life. You can redefine how you see yourself and others. Your covenant bond with your Saviour becomes even stronger, and through the lens of this sweet gift, life takes on new brilliance, beauty, and hope.

Please, will you pray to understand if you are

Aminy izany.

Tsy hoe, tena misy ve io fanomezana ny fahamarinana io sa tsia ny fanontaniana mipetraka, fa hoe hamantatra sy handray ilay izy ve isika sa tsia. Efa nomen’ny Ray antsika ilay fanomezana. Efa nefain’ny Mpamonjy ny saran’ny antony faratampony nanolorana io fanomezana io. Fa raha efa nampianarina izany ianao, efa niteny izany, nihira izany fahamarinana izany nandritra ny taona maro, dia mety lefy efa hatry ny elan’ny zavatra nampitolagagatao amin’ily izy, ary tsy mahatsapa ny heriny sy ny fiadanana entiny intsony ianao.

Raha toa ka tsy ekena io fanomezam-pahasovan’ny fahatakarana tsy hay sandaina io, sy ireo hatsarana sy fiadanana ary fanantenana rehetra izay mitosaka avy amin’izany, sy tsy sokafana, ary tsy raisina, dia tena fahavoazana mampivarahontsana ho antsika izany! Ary miteraka alahelo lehibe tokoa izany ho an’ily Mpanome! “Fa inona no soa azon’ny olona raha atolotra azy ny fanomezana kanefa tsy mandray izy? Indro tsy mankasitraka izay omena azy izy sady tsy mankasitraka an’ily mpanome fanomezana.”

Manasa anao aho handray, na vao voalohany izany na mba handraisanao misimisy kokoa noho ny teo aloha, ny fahafantarana amin’ny fomba tena tsara fa tena zanak’ Andriamanitra malalany ianao. Tsy maintsy mamaha ilay fatorana ianao, mandrovitra ilay taratasy famonosana, manokatra ilay boaty, ary mandray amim-pahavitrihana amim-panetren-tena ombam-pankasitrahana ny fahatakarana marina sy madio momba io fahamarinana fototra io. Afaka mijoro ho vavolombelona ao am-ponao ny Fanahy Masina fa tena zanaky ny Avo Indrindra tokoa ianao.

Rehefa mandray an-tanan-droa io zava-misy be voninahitra io ao amin’ny ati-fanahinao ianao ary mahatsapa ny fiadanana sy ny fientanentanana avy amin’izany, dia hiova tanteraka ny fomba fahitanao ny tenanao sy izao tontolo izao. Afaka mahatsapa ny fitiavany ianao, mandre ny feony, ary mahafantatra ny tanany, na inona na inona mitranga, na tsy mitranga eo amin’ny fiainanao. Azonao ovaina ny fomba fahitanao ny tenanao sy ny hafa. Lasa mihamafy kokoa aza ny fifamatoranao ara-panekehampihavanana amin’ny Mpamonjy, ary rehefa jerena avy amin’ny fahatakarana io fanomezana mamy io, dia lasa manomboka mahazo famirapiratana sy hatsarana ary fanantenana vaovao ny fiainana.

Miangavy aho hoe, hivavaka ve ianao mba

truly receiving this transformative knowledge deep in your soul? Will you please accept the gift? Will you do so more deeply, more freely, more abundantly than you ever have before—and in so doing be showered with all of those other gifts that come with it?

Receiving This Gift of Eternal Truth

You may be wondering, “What do I have to do to receive this gift from God?” Well, actually, nothing. It is a gift from the Giver. It is simply a fact. Just let it in. You are His child. You are beloved of Him. Do not complicate it. Do not block the receiving of this gift with thoughts that you are somehow undeserving. The reality is none of us is “deserving”—all the Father’s gifts are received only through the merits, mercy, and grace of the Holy Messiah, but how His generous heart longs for each of His children to receive them! Then, as your new or renewed understanding dawns on you, rejoice in thanking the Giver of this gift.

Since finding my faith in my mid-20s, I have awakened to the realisation that I truly am a son of God. The more fully I internalise this gift, the more keenly I know who I am and how completely I am loved. Some things that have helped me grow in understanding are the words of scripture, my patriarchal blessing, temple worship, serving others, expressing gratitude, and sacred prayer with my Father. I marvel at how earlier sorrow, pain, and grief in my life would have been reframed, soothed, and much of it overcome had I known this beautiful truth.

Come unto Christ and Receive

hahatakatra fa tena mandray tokoa io fahalalana manova io ao amin’ny ati-fanahinao? Hanaiky ilay fanomezana ve ianao? Hanao izany amin’ny fomba lalina kokoa sy amim-pahalalahana kokoa, ary amin’ny fomba feno kokoa mihoatra noho izay nataonao hatramin’izay ve ianao; ka rehefa manao izany ianao dia hitobahan’ireo fanomezana hafa rehetra izay miaraka amin’izany?

Fandraisana io fanomezana ny fahamarinana mandrakizay io

Mety hanontany tena ianao hoe: “Inona no tokonyhataokomba handraisako io fanomezana io avy amin’ Andriamanitra? Raha ny marina dia tsy misy. Fanomezana avy amin’ilay Mpanome izany. Tena zava-misy marina izany. Ekeo fotsiny ilay izy. Zanany ianao. Malalany ianao. Aza hasarotina ilay izy. Aza sakanana ny fandraisana io fanomezana io amin’ny fieritreretana fa mety tsy mendrika izany ianao. Ny zava-misy marina dia tsy misy “mendrika” izany amintsika—ny fanomezana rehetra avy amin’ny Ray dia raisina amin’ny alalan’ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasovan’ny Mesia Masina ihany, kanefa ny fony tena tia mizara dia maniry fatratra ny handraisany zanany tsirairay avy azy ireny! Noho izany, rehefa tonga eo aminao ny fahatakaranao vaovao na nohavaozina, dia mifalia amin’ny fisaorana ny Mpanome noho io fanomezana io.

Hatramin’ny nanombohako nanam-pinoana teo amin’ny manodidina ny faha-25 taonako teo, dia nanomboka nitombo ny fahatakarako fa tena zanakalahin’ Andriamanitra aho. Arakaraka ny nahatakarako lalina kokoa io fanomezana io no nahafantarako marina kokoa hoe iza aho ary tena tiana toy ny ahoana aho. Ireo zavatra vitivitsy izay nanampy ahy hitombo fahatakarana dia ny tenin’ny soratra masina, ny tsodranon’ny patriarika noraiko, ny fitsaohana any amin’ny tempoly, ny fanompoana ny hafa, ny fanehoako fankasitrahana, ary ny vavaka masina nataoko tamin’ny Raiko. Talanjona aho ny amin’ny mety ho nijerena tamin’ny fomba hafa ny ankamaroan’ireo alahelo sy fanaintainana tany aloha teo amin’ny fiainako, sy nahamaivana izany, ary ny mety ho nandresena izany tamin’ny fomba hafa raha nahalala io fahamarinana kanto io aho.

Manatona an’i Kristy dia mandraisa

Moroni exhorts us to “deny not the gifts of God” but to “come unto Christ, and lay hold upon every good gift.” You can come to Christ with confidence in His loving-kindness and receive all His gifts of joy, peace, hope, light, truth, revelation, knowledge, and wisdom—with your head held high, your arms outstretched, and your hands open, ready to receive. And you can receive these gifts because you are secure and grounded in the knowledge that you are a beloved daughter of God, you are a cherished son of God, and He has gifted you His perfect, holy Son to redeem you, justify you, and sanctify you.

You are a child of God. This is not just a nice song we sing. Will you please accept, open, and receive this gift of knowledge and understanding from Him? Will you hold it close as the precious treasure it is? Re-receive this gift, or perhaps truly receive it for the very first time, and let it transform every aspect of your life. This is the more excellent way God has prepared for you through the gift of His Son. You really are that you might have joy! In the name of Jesus Christ, amen.

Mamporisika antsika i Môrônia mba “tsy [handa] ireo fanomezam-pahasoavan’ Andriamanitra” fa “[hanatona] an’i Kristy sy [hihazona] ny fanomezam-pahasoavana tsara rehetra.” Afaka manatona an’i Kristy amin’ny fahatokiana ny halemam-panahiny feno fitiavana ianareo ary mandray ireo fanomezany rehetra dia ny fifaliana, ny filaminana, ny fanantenana, ny fahazavana, ny fahamarinana, ny fanambarana, ny fahalalana ary ny fahendrena, hampitraka ny lohanareo, sy hanatsotra ny sandrinareo, ary hanokatra ny tananareo, ka vonona handray. Ary afaka mandray ireo fanomezana ireo ianareo satria efa amin’ny toerana azo antoka sy mifototra amin’ny fahalalana fa zanakavavy malalan’ Andriamanitra ianareo, zanakalahy lalain’ Andriamanitra ianareo, ary efa nomeny anareo ny Zanany lahy tonga lafatra sy masina mba hanavotra anareo, hanamarina anareo, ary hanamasina anareo.

Ianareodia Zanak’ Andriamanitra. Tsy hira mahafinaritra hiraintsika fotsiny izany. Moa hanaiky sy hanokatra ary handray io fanomezana fahalalana sy fahatakarana avy Aminy io ve ianareo, azafady? Hanome lanja izany amin’ny maha-harena sarobidy azy ve ianareo? Avere-no raisina io fanomezana io, na angamba hoe tena raiso marina amin’izay ilay izy, dia avelao izany hanova ny lafin-javatra rehetra eo amin’ny fiainanareo. Io no fomba mendrika kokoa nomanin’ Andriamanitra ho anareo tamin’ny alalan’ny fanomezany ny Zanany lahy. Misy tokoa ianareo mba hahazo fifaliana! Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena.